**FANAMBARANA AN-GAZETY AVY AMIN'NY FIRAISAMONIM-PIRENENA**

# *Ampiharo ny fangaraharahana sy ny fanjakana tsara tantana dieny mbola tsy rava tanteraka ny fitokisan'ny olompirenena.*

Hatramin'ny fiandohan'ny ady amin'ny valan'aretina Covid 19 teto Madagasikara, izahay firaisamonim-pirenena mivondrona ato anatin'ny tetikasa Suivi de la Transparence et de l'Effectivité des Fonds alloués à la pandémie COVID 19 (STEF COVID 19), sy ireo firaisamonim-pirenena namana toa ny KMF/CNOE, Liberty 32, ary ireo fiangonana (FFKM, ny Fivondronamben'ny Eveka eto Madagasikara), dia tsy nitsahatra nitaky ny mangarahara mikasika ny fiaviana sy ny fampiasana ny tetibola. Nandefa taratasy ho an'ny tomponandraikitra eo anivon'ny CCO izahay ny 11 jona 2020, nangataka ny lisitr'ireo tsenabaro-panjakana ary ny lalàna mifehy ny fampiasam-bolam-panjakana amin'ny vanim-potoanan'ny krizy COVID 19, ary nohamafisinay tamin'ny alalan'ny taratasy misokatra izany ny 13 jolay saingy tsy mbola nahazoana valiny hatramin'izao. Nanomboka tamin'ny fotoana nankatoavan'ny Filankevitry ny Governemanta ny didim-pitondrana n°2020-725 ny 02 jolay 2020, mikasika ny fametrahana ny Fonds de riposte COVID 19, nangataka ihany koa izahay ny famoahana sy ny fampiharana an'io didim-pitondrana io izay tokony hamaly ny fitakian'ny olompirenena ny mangarahara sy ny tamberinandraikitra.

Noho ireo tranga ireo, izahay firaisamonim-pirenena manao sonia izao fanambarana izao dia :

1. Mahatsapa fa manan-danja amin'ny olompirenena ny fangaraharahana momba ny fampiasana ny fananam-panjakana ary isaoranay izy ireo noho izany. Mihamaro ihany koa ireo mpisintona lakolosy/mpanaitra (olompirenena, firaisamonim-pirenena, mpiasam-panjakana ) na 'lanceurs d'alerte» tsy misalasala manameloka ny tsy fahampian'ny mangarahara sy ireo izay mety ho fanararaotam-pahefana amin'ny fitantanana ny fananam-panjakana. Maneho ny fivoaran'ny fahamailohana sy ny fandraisana andraikitry ny olompirenena izany ary ankasitrahanay satria miaro tombontsoa ambonin'ny firenena.
2. Manameloka ny tsy fahampian'ny mangarahara sy ny fifanakalozan-kevitra hatrany, amin'ny fanatanterahana sy ny fitantanana ny tetibola natokana hiadiana amin'ny COVID 19, na teo aza ny antso sy fanairana nataonay mba hisian'ny fandraisana anjaran'ny mpisehatra rehetra. Melohinay ny tsy fahampian'ny fandrindrana ny fanantanterahana ny Plan Multisectoriel de l'Urgence (PMDU) iray volana aty aorian'ny fankataoavana izany. Ankehitriny, tsy mbola mipetraka ihany koa ny fepetra mikasika ny fampiasana sy ny fitantanana, izay anisan'ny singa manome antoka ny fangaraharahana sy ny fandraisana anjaran'ny mpisehatra ao amin'ny PMDU.
3. Manamafy ny tokony hananana mpiasam-panjakana mendrika, mandala ny fahamarinana sy mahatsapa ny andraikiny, na inona na inona andraikitra tanany.
4. Melohinay ny tsy fahampian'ny tetibola natokana ho an'ireo sampandraharaham-panjakana misahana ny fanaraha-maso ny tetibolam-panjakana (OCFP) sy ireo andrim-panjakana mpiady amin'ny kolikoly (ILCC) , voasoratra ao amin'ny lalàna mifehy ny tetibolam-panajakana LFR 2020, ary amporisihanay ny fahefana mpanao lalàna hanao ho laharam-pahamehana ny tetibola ilaina amin'ny fametrahana ny vaomiera mpanao fanadihadiana mba hanamafisana ny fahafahan'izy ireo manao fanaraha-maso.
5. Melohinay ny fahataran'ny fijerena ireo tranga na kolikoly nalefa eny anivon'ny Fitsarana Avo (Haute Cour de Justice). Raharaha kolikoly miisa 14 amin'ny 24 no nalefan'ny BIANCO. Handalo fifidianana eny anivon'ny Parlemanta ireo raharaha ireo mandritra ny fivoriana ara-potoana manaraka. Manoloana ny fitombon'ny raharaha izay tokony handraisan'ny HCJ andraikitra, mety hampidi-doza ny famelana ny eritreritra fa mety misy tsy refesi-mandidy ary mbola manjaka ny tsimatimanotan'ny olona manana andraikitra ambony eto amin'ny firenena.

Noho izany, mitaky am-panajana sy amin'ny fomba hentitra izahay :

1. Ny fampiharana avy hatrany ny didim-panjakana laharana 2020-725 momba ny fametrahana ny Fonds de riposte COVID 19, ary indrindra ny fametrahana Komity hiandraikitra ny tombana sy ny fanaraha-maso (Comité de Pilotage) , ny famoahana ny fandaharan'asa, ny famoahana ny tatitra ny asa vita sy ny tatitra ara-bola, miaraka amin'ny lisitr'ireo tsenambaro-panjakana nomena araka ny fotoana voatondro ao amin'io didim-panjakana io.

2. Ny fangaraharan’ ny fampiasana ny tetibola natokana amin'ny Covid-19 mialohan'ny fankatoavana io didim-panjakana io, arahan’ny fanazavana ofisialy avy amin'ny CCO/MID/governemanta momba ilay tranga maneho fifanolanana tombontsoa manokana navoakan’ny mpisintona lakolosy/ mpanaitra mikasika ny fividianana fitaovana informatika tamin’ny alalan’ny famatsiambola avy amin’ny PNUD.
3. Fanamafisana ny fahamailohan’ny olompirenena/ mpisintona lakolosy/mpanaitra amin’ny fanamarinana hatrany ny vaovao zarainy amin’ny tambazotran-tserasera mba hitandroana ny maha-mari-pototra ny asan’ny olompirenena. Mamporisika ny manampahefana ihany koa izahay hametraka rafitra hiarovana ireo olompirenena ireo, izay singa manan-danja amin'ny fametrahana ny demokrasia sy ny fanjakana tsara tantana(na haitondra) ;
4. Ny fanamafisana ny fahafahana araka ny lalàna, ara-pitaovana, arak’olona, ary ara-bola ny OCFP sy ny andrim-panjakana miady amin'ny kolikoly (ILCC) ary ny fanaovana ho laharam-pahamehana ny fanampiana ny Parlemanta mba hahombiazan’izy ireo kokoa;
5. Ny fandraisana andraikitry ny OCFP sy ny ILCC miaraka amin'ny fahafahana manokana mandray fepetra amin’ny fametrahana fitoriana sy fanaovana fanadihadiana mba hanomezana toky ny olom-pirenena sy hitondrana fanazavana mikasika izay mety ho fanararaotana nataon'ireo manampahefana: zava-dehibe ny famoahana ampahibemaso ireo fanadihadiana efa natao.
6. Ny mangarahara amin'ny fampiasana ny tetibola natokana amin’ny COVID19 avy amin’ireo mpamatsy vola.

**Mba ho tanteraka ho asa mivaingana sy mamokatra tokoa anie ny fanamby napetraky ny Filohan’ny Repoblika tamin’ny Febroary 2019 milaza hoe « KOLIKOLY , TSY MISY INDRAFO ! », mba hamerina indray ny fitokisan’ny olompirenena**.

Antananarivo, faha 30/08/2021

Manao sonia ny fanambarana :

AIM, AVG, CCOC, CEDII, CODE Menabe, DRV, FIANTSO, FTMF, FVTM, GTZ, Hetsika ROHY, IVORARY, JAI, KMF-CNOE, Liberty 32, MonEPT, MSIS-tatao, Observatoire de la Jeunesse, OIMP, ONG HITSY, ONG Lalana, ONG Ravintsara, ONG SAHA, ONG Tolotsoa, PACA, SAF-FJKM, SIF, TI-MG, YMCA,